Sera puni des mêmes peines quiconque, aura promis, offert ou accordé directement ou par personne interposée à tout commis, employé, préposé, ou salarié ou personne rémunérée sous une forme quelconque, des dons, présents, commissions, escomptes ou primes ou tout avantage indu, pour lui-même ou une autre personne ou entité, afin que ceci accomplisse ou s'abstienne d'accomplir un acte dans l'exercice de ses fonctions ou de son mandat.

Sera puni d'un emprisonnement de deux à cinq ans et d'une amende de 10 millions Ariary à 200 millions Ariary ou de l'une de ces deux peines seulement, tout membre d'une profession libérale, qui sans droit aura soit directement soit par personne interposée, sollicité ou agréé des offres ou promesses, soit sollicité ou reçu des dons, présents, commissions, escomptes ou primes pour faire ou s'abstenir de faire un acte dans l'exercice de sa fonction.

Sera puni des mêmes peines quiconque, aura promis, offert ou accordé directement ou par personne interposée à tout membre d'une profession libérale, des dons, présents, commissions, escomptes ou primes ou tout avantage indu, pour lui-même ou une autre personne ou entité, afin que ceci accomplisse ou s'abstienne d'accomplir un acte dans l'exercice de ses fonctions ou de son mandat.

Toute personne ayant servi d'intermédiaire dans la commission des infractions visées au présent article se verra appliquée les mêmes peines.

an'ny tompon'andraikitra na tompona petra-bola ao amin'ny orinasa tsy miankina, fanomezana, vola, na tombon-tsoa samihafa tsy tokony ho azo, ho azy manokana na ho an'ny olon-kafa na vondrona, mba ahafahany manantanteraka na tsia asa amin'ny fanatontosana ny andraikiny.

Voasazy iray ka hatramin'ny telo taona an-tranomaizina miampy onitra 5 tapitrisa ka hatramin'ny 200 tapitrisa Ariary na ny iray amin'ireo ihany, ny mpiasa rehetra, mpiasa tsotra, mpikarama, na olona mpandray karama, amin'ny endriny hafa, na mivantana na misy mpanelanelana ka nahazo vola tany an-katakonana ary tsy nahazo ny fankatoavan'ny mpampiasa azy, na nangataka na niangavy tolotra na fampanantenana, na nahazo fanomezana, mba hanaovana na tsiaasa amin'ny fanatanterahana ny asany.

Voasazy amin'ny sazy mitovy amin'ny eo aloha, izay mampanantena, manolotra ho an'ny mpiasa rehetra, mpiasa tsotra, mpikarama, na olona mpandray karama, amin'ny endriny hafa, na mivantana na misy mpanelanelana vola na fanomezana tsy tokony ho azo, izay ho an'ny tenany na ho an'ny olon-kafa na rafitra hafa mba hanaovana na tsiaasa amin'ny fanatanterahana ny asany.

Voasazy roa ka hatramin'ny dimy taona an-tranomaizina miampy onitra 10 tapitrisa ka hatramin'ny 200 tapitrisa Ariary na ny iray amin'ireo ihany, ny mpikambana rehetra misahana asa mahaleo tena, tsy manampahefana amin'izany, mivantana na misy mpanelanelana, nefo naka, nangataka, niangavy tolotra na fampanantenana, nandray fanomezana na vola mba hanaovana na tsiaasa amin'ny fanatanterahana ny asany.

Voasazy mitovy amin'ny an'ny teo aloha izay rehetra nampanantena, nanolotra na nanome mivantana na misy mpanelanelana, fanomezana, vola, tombon-tsoa izay tsy tokony ho azo, izay ho an'ny tenany, na ho olon-kafa na rafitra hafa mba hanaovana na tsy hanaovana asa amin'ny fanatanterahana ny asany.

Izay olona rehetra natao mpanelanelana amin'ny fampiharana ny fandikan-dalàna voatondro amin'ny ity andinin-dalàna ity dia voasazy mitovy amin'ny an'ny teo aloha.

Toute personne morale reconnue coupable des faits incriminés dans le présent article au titre d'auteur, co-auteur, complice, instigateur ou bénéficiaire sous une forme quelconque sera condamnée à une suspension temporaire de toute activité sociale et commerciale d'au moins 5 ans et n'excédant pas 20 ans.

Quiconque ayant été bénéficiaire en connaissance de cause d'un avantage quelconque résultant de la commission de l'infraction prévue et réprimée par le présent article se verra appliquer les mêmes peines. »

**Article 25.-** Il est inséré après l'article 179 du Code pénal malagasy, deux alinéas ainsi rédigés :

« Art. 179- Du trafic d'influence

Sera puni d'un emprisonnement de un an à cinq ans et d'une amende de 10 millions Ariary à 500 millions Ariary ou de l'une de ces deux peines seulement, le fait par quiconque, de solliciter ou d'agréer, directement ou par personne interposée, des offres, promesses, dons, présents ou avantages quelconques pour abuser de son influence réelle ou supposée en vue de faire obtenir d'une autorité ou d'une administration publique des distinctions, décorations, emplois, marchés ou toute autre décision favorable.

Sera puni des mêmes peines le fait, de céder aux sollicitations prévues à l'alinéa précédent, ou de proposer, sans droit, directement ou par personne interposée, des offres, promesses, dons, présents ou avantages quelconques pour qu'une personne abuse de son influence réelle ou supposée en vue de faire obtenir d'une autorité ou d'une administration publique des distinctions, emplois, marchés ou toute autre décision favorable.

Sera puni des mêmes peines toute personne ayant servi d'intermédiaire dans la commission des infractions visées au présent article

Quiconque ayant été bénéficiaire en connaissance de cause d'un avantage

Izay fikambanana mizaka ny zo maha-olona voatondro fa meloka tamin'ny zavatra voalaza amin'ity lalàna ity ka sokajiana ho ho tompon'antoka, mpiombon'antoka, mpiray tsikombakomba, mpikotrika na mpandray tombon-tsoa amin'ny endriny samihafa, dia helohina ahantona mandritry ny fotoana voafetra amin'ny asa ara-tsosialy sy ara-barotra rehetra mandritra ny 5 taona raha kely indrindra ka tsy mihoatra ny 20 taona izany.

Izay rehetra mahafantatra tsara ka nandray tombon-tsoa, vokatry ny tsy fanarahan-dalàna voalaza sy enjehin'ity andinin-dalana ity dia ho voasazy mitovy amin'ny an'ny teo aloha. »

**And. 25.-** Atsofoka aorian'ny andininny 179 ny fehezan-dalàna famaizana Malagasy, ny laharana roa izay mirafitra toy izao :

« Art. 179- Ny momba ny fanararaotana ny fahafantarana olona

Ho saziana an-tranomaizina 1 taona ka hatramin'ny 5 taona miampy onitra 10 tapitrisa Ariary ka hatramin'ny 500 tapitrisa Ariary na ny iray amin'ireo ihany, ny fihetsika atao, hangatahana na iangaviana, mivantana na amin'ny alalan'ny olona mpanelanelana, tolota, fampanantenana, fanomezana, tombon-tsoa samihafa mba hanararaotra ny akon-pahefany tena hananany na eritreretin'ny olona hananany mba ahazoana amin'ny manam-pahefana na avy amin'ny fanjakana, mari-boninahitra, asa, tsenam-barotra, na fanapahan-kevitra hafa rehetra ahazoana tombony.

Ho saziana amin'ny sazy mitovy amin'ny eo ambony, ny filefahana amin'ny fiangaviana voatondro ao amin'ny laharana teo aloha na manolo-kevitra, tsy misy fahefana, mivantana na amin'ny alalan'ny mpanelanelana, tolota, fampanantenana, fanomezana, tombon-tsoa samihafa mba hanararaotan'ny olona iray ny akon-pahefany tena hananany na eritreretin'ny olona hananany, mba ahazoana avy amin'ny manampahefana na ny fitondram-panjakana fanomezam-boninahitra, mari-boninahitra, asa, tsenam-panjakana na fanapahan-kevitra hafa rehetra ahazoana tombony.

Izay olona rehetra natao mpanelanelana amin'ny fampiharana ny fandikan-dalàna voatondro amin'ny ity andinin-dalàna ity dia voasazy mitovy amin'ny an'ny teo aloha

Izay rehetra mahafantatra tsara ka nandray tombon-tsoa, vokatry ny tsy

quelconque résultant de la commission de l'infraction prévue et réprimée par le présent article se verra appliquer les mêmes peines.

Sera condamné à la suspension temporaire de toute activité sociale et commerciale d'au moins 5 ans et n'excédant pas 20 ans ainsi que du paiement d'une peine d'amende de 50 millions d'Ariary à 1 milliard d'Ariary, sans préjudice de l'application des dispositions de l'article 181.1 alinéa 4 du code pénal, toute personne morale reconnue comme auteur, co-auteur, instigateur, complice, intermédiaire ou bénéficiaire sous une forme quelconque des avantages issus des agissements visées et réprimés dans le présent article. »

**Article 26.-** Les dispositions de l'article 179.1 du Code pénal malagasy sont modifiées et complétées comme suit :

« Art. 179.1- De l'abus de fonctions

Sera puni de 2 à 5 ans d'emprisonnement et d'une amende de 1 million à 10 millions Ariary, ou de l'une de ces deux peines seulement, le fait par un agent public d'abuser de ses fonctions ou de son poste, en accomplissant ou en s'abstenant d'accomplir, dans l'exercice de ses fonctions, un acte en violation des lois et règlements afin d'obtenir un avantage indu pour lui-même ou pour une autre personne ou entité.

Sera puni des mêmes peines toutes personnes ayant servi d'intermédiaire à la commission des infractions prévues au présent article, en aura été l'instigateur ou aura en connaissance de cause bénéficié de quelques manières que ce soit de tout avantage dans la commission des infractions visées au présent article.

Sera assimilée à un abus de fonction et puni des mêmes peines prévues pour cette infraction le fait pour tout agent public, toute personne exerçant un mandat public électif, ou tout dirigeant d'une entreprise publique ou toute société à participation majoritaire de l'Etat, ayant pour attributions de mettre en place les dispositifs anti-corruption dûment prescrit par un texte législatif ou réglementaire s'en sera abstenu. La faute sera considérée comme une faute détachable susceptible d'engager sa responsabilité personnelle.

fanarahan-dalàna voalaza sy enjehin'ity andinin-dalana ity dia ho voasazy mitovy amin'ny an'ny teo aloha.

Ho helohina amin'ny fampihatoana mandritra ny fotoana voafetra ny asa ara-tsosialy rehetra sy ara-barotra mandritra ny 5 taona ka hatramin'ny 20 taona miampy ny fandoavana onitra 50 tapitrisa Ariary ka hatramin'ny 1 lavitrisa Ariary, izay tsy manohintohina ny fampiharana izay voalazan'ny andininy 181.1 andalana 4 ny fehezan-dalàna famaizana ny fikambanana mizaka ny zo maha-olona voatondro fa meloka ka sokajiana ho tompon'antoka, mpiombon'antoka, mikotrika, mpiraytsikombakomba, mpanelanelana, mpahazo tombon-tsoa amin'ny endriny samihafa avy amin'ny fihetsika voatondro sy enjehin'ity andinin-dalàna ity. »

**And. 26.-** Ny fepetra ny andininy 179.1 ny fehezan-dalàna famaizana Malagasy dia novaina sy nampiana toy manaraka izao :

« And. 179.1- Ny momba ny fanararaotana amin'ny fisahanana asa

Voasazy 2 ka hatramin'ny 5 taona an-tranomaizina sy onitra 1 tapitrisa Ariary ka hatramin'ny 10 tapitrisa Ariary, na ny iray amin'ireo sazy ireo ihany, ny fihetsika ataon'ny mpiasam-panjakana manararaotra ny fisahanana asany na ny toerana misy azy, hanantontosana na tsia, ao anatin'ny fanatanterahana ny asany, asa handikana ny lalàna sy ny fepetra mba ahazoana tombon-tsoa tsy tokony ho raisina na ho azy na ho an'olon-kafa na vondrona.

Voasazy mitovy amin'ny teo aloha izay olona rehetra natao mpanelanelana amin'ny fampiharana ny fandikan-dalàna voatondro amin'ny ity andinin-dalàna ity, na tompon-kevitra na nisitraka amin'ny fomba samihafa ny tombon-tsoa amin'ny fandikana ny lalàna voalaza amin'ity andinin-dalàna ity.

Ampitoviana amin'ny fanararaotana amin'ny fisahanana asa ary voasazy mitovy amin'ny an'ny teo aloha ny fandikan-dalàna ataon'ny mpiasam-panjakana, ny olona rehetra manatanteraka asan'olom-boafidy, na ny mpitondra rehetra ao amin'ny orinasam-panjakana na fikambanana handraisany fanjakana anjara be indrindra, ka handraisany andraikitra hametraka fitaovana iadiana amin'ny kolikoly araka izay voalazan'ny lalàna ka tsy nahatanteraka izany. Izay fahadisoana izay dia azo heverina ho fahadisoana misaraka amin'ny asany ary maningotra ny tenany manokana izy amin'izany.

Sera condamné à la suspension temporaire de toute activité sociale et commerciale d'au moins 3 ans et n'excédant pas 6 ans ainsi qu'à une peine d'amende de 25 à 200 millions d'Ariary, sans préjudice de l'application des dispositions de l'article 181.1 alinéa 4,toute personne morale reconnue comme co-auteur, instigateur, complice, intermédiaire ou bénéficiaire sous une forme quelconque des avantages issus des agissements visés et réprimés dans le présent article.

Sera puni des mêmes peines que celles prévues à l'alinéa premier du présent article, le fait par quiconque, qui en situation de cessation de ses fonctions, de son poste ou de son mandat dans lesquels il aura été nommé ou investi, s'abstiendra de restituer tout bien meuble ou immeuble qui lui aura été remis en raison de ses fonctions ou de son mandat dans les délais autorisés par les textes législatifs et réglementaires en vigueur.

Sera puni des mêmes peines que celles prévues à l'alinéa premier du présent article, le fait par une personne dépositaire de l'autorité publique ou chargée d'une mission de service public de faciliter, permettre ou d'autoriser, la réception et la perception à titre de droits, avantages, salaires ou traitements, une somme qu'elle sait ne pas être due, ou excéder ce qui est dû.

Quiconque ayant été bénéficiaire en connaissance de cause de droits, avantages, salaires ou traitements résultant de la commission de l'infraction prévue et réprimée par l'alinéa précédent se verra appliquer les mêmes peines. »

**Article 27.-** Il est inséré après l'article 180 du Code pénal malagasy, un alinéa ainsi rédigé :

« Art. 180- Des peines accessoires

Dans les cas prévus aux articles 177 et 179, si le coupable est un militaire ou assimilé, il sera fait application en ce qui concerne la peine d'amende, des dispositions de l'article 200 du Code de Justice du service national. Si le coupable est un officier, il sera en outre puni de la destitution.

Ho helohina amin'ny fampihatoana mandritra ny fotoana voafetra amin'ny asa rehetra ara-tsosialy ary ara-barotra mandritra ny 3 taona fara faha keliny ary tsy mihoatra ny 6 taona miampy onitra 25 tapitrisa Ariary ka hatramin'ny 200 tapitrisa Ariary, izay tsy manohintohina ny fampiharana izay voalazan'ny andininhy 181.1 andalana 4 ny fehezan-dalàna famaizanany fikambanana mizaka ny zo maha-olona voatondro fa meloka ka sokajiana ho tompon'antoka, mpiombon'antoka, mpikotrika, mpiray tsikombakomba, mpanelanelana, mpahazo tombon-tsoa amin'ny endriny samihafa avy amin'ny fietsika voatondro sy enjehin'ity andinin-dalàna ity.

Voasazy mitovy amin'izay voalazan'ny laharana voalohan'ity andinin-dalàna ity ny fihetsika, mbola eo fanajanonana amin'ny asany, amin'ny toeram-piasany na amin'ny andraikiny izay nanendrena azy na nametrahana azy, mandà ny hamerina ny entana rehetra na tany sy trano izay natolotra azy noho ny asany na noho ny andraikitra ao anatin'ny fe-potoana nekena amin'ny alalan'ny lalàna manankery.

Voasazy mitovy amin'izay voalazan'ny laharana voalohan'ity andinin-dalàna ity ny fihetsika ataon'ny olona nametrahana fahefam-panjakana na izay voatendry amin'ny asam-panjakana ka manamora, mamela na manome alalana, ny fandraisana sy fitakianavola hatao sara na tombo-tsoa na karama izay fantany fa tsy tokony ho aloa na mihoatra izay tokony ho aloa.

Izay rehetra mahafantatra tsara ka nandray ireo sara, tombo-tsoa, karama vokatry ny fandika-dalàna voalaza sy enjehan'ny lahasoratra teo aloha dia iharan'ny sazy mitovy amin'ny teo aloha. »

**And. 27.-** Atsofoka aorian'ny andininhy 180 ny fehezan-dalàna famaizana Malagasy, ny laharana iray izay mirafitra toy izao :

« And. 180 – Ireo sazy famenony

Araka ny toe-javatra voatondron'ny andininhy 177 sy 179, rahatoa miaramila ny voaheloka na mitovy amin'izany, dia hampiharina amin'ny sazy fandoavana onitra, ny fepetra ny andininhy 200 ny lalàm-pitsaranan'ny fanompoam-pirenena. Raha manamboninahitra ny voapanga dia fanonganana ny saziny.

Dans les cas prévus aux articles 174 à 174.3 et 177 à 179.1 inclus, le condamné sera déclaré incapable d'exercer une fonction publique pour une durée de deux ans au minimum.

La diffusion de la décision par voie de presse écrite ou par tout autre moyen de communication audiovisuelle pourra être prononcée à l'égard de toute personne morale reconnu coupable de l'une au moins des infractions énumérées dans la présente loi. »

**Article 28.-** Les dispositions de l'article 180.1 du Code pénal malagasy sont modifiées et complétées comme suit :

« Art. 180.1- Des peines complémentaires

Dans tous les cas prévus aux articles 174 à 179 nouveaux inclus, les tribunaux pourront prononcer à titre de peine complémentaire une ou deux des mesures suivantes :

1. L'interdiction définitive du territoire ou pour une durée déterminée qui ne peut être inférieure à deux ans pour tout étranger ;
2. L'interdiction définitive ou pour une durée déterminée qui ne peut être inférieure à deux ans d'exercer la profession à l'occasion de laquelle l'infraction a été commise ;
3. L'interdiction des droits mentionnés à l'article 42 du Code pénal malagasy pour une durée de deux à dix ans.

Sans préjudice, le cas échéant des dispositions prévoyant des peines plus sévères, quiconque contreviendra à l'une des interdictions énumérées au présent article, sera puni d'un emprisonnement de trois mois à trois ans et d'une amende de 100 000 ariary à 2 000 000 ariary.

**Article 29.-** Les dispositions des articles 180.2 sont modifiées et complétées comme suit :

« Art. 180.2- Des exemptions et atténuations de peines

Sauf le cas de récidive en matière de corruption, sera exemptée de peine toute personne, auteur de corruption active par un ou plusieurs des procédés visés aux articles 177 à 179, qui, avant toute poursuite, aura

Amin'ny toe-javatra voatondron'ny andininy faha 174 ka hatramin'ny 174.3 ary 177 ka hatramin'ny 179.1, ny voaheloka dia ambara fa tsy afaka manataneraka asam-panjakana mandritra ny fe-potoana roa taona raha kely indrindra.

Ny fampielezana ny fanampahan-kevitra amin'ny alalan'ny vaovao antsonatra na fampitam-baovao an-tsary dia azo atao amin'ny fikambanana mizaka ny zo maha-olona voatonona fa meloka amin'ny iray amin'ny fandikan-dalàna voalazan'ity lalàna ity fara-faharatsiny. »

**And .28.-** Ny fepetra ny andininy 180.1 ny fehezan-dalàna famaizana Malagasy dia novaina sy nampiana toy manaraka izao :

« And. 180.1- ny momba ny sazy fanampiny Amin'ny lafin-javatra rehetra voalazan'ny andininy 174 ka hatramin'ny 179 vaovao, ny fitsarana dia afaka manonona ho isan'ny sazy fanampiny iray na roa amin'ireto fepetra manaraka ireto :

1. ny fandràna tanteraka tsy handia faritany na mandritra ny fe-potoana voafetra izay tsy latsaky nyroa taona ho an'ny vahiny rehetra
2. ny fandràna tanteraka na mandritra ny fe-potoana voafetra tsy latsaky ny roa taona ny fisahanana ny asa aman-draharaoha izay nanaovana fandikan-dalàna ;
3. ny fandràna ny zo voalazan'ny andininy faha 42 ny fehezan-dalàna famaizana Malagasy mandritra ny roa ka hatramin'ny folo taona.

Tsy manohintohina ny fepetra hafa mikasika ny sazy enjana, na iza naiza mitsivalana amin'ny iray amin'ny fandràna voalaza amin'ity andininy ity, dia voasazy an-tranomaizina telo volana ka hatramin'ny telo taona miampy onitra 100 000 Ariary ka hatramin'ny 2 000 000 Ariary.

**And. 29.-** Ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy 180.2 dia miova ary nampiana toy izao :

« And. 180.2- Ny amin'ny fanafahana sy fanalefahana sazy

Ankoatran'ny famerenan-keloka mikasika ny kolikoly, dia tsy ampiharina ny sazy amin'olona fototry ny kolikoly manomeizay atao amin'ny alalan'ny fomba iray na maromaro voalaza ao amin'ny andininy 177 ka hatramin'ny

révélée l'infraction à l'autorité administrative ou judiciaire et permis d'identifier les autres personnes en cause.

Hormis le cas prévu à l'alinéa précédent, la peine maximale encourue par toute personne, auteur ou complice de l'une des infractions prévues aux articles 177 à 179 et 181, qui après l'engagement de poursuites, aura permis ou facilité l'arrestation des autres personnes en cause, sera réduite de moitié. En outre, elle sera exemptée des peines accessoires et des peines complémentaires facultatives prévues aux articles 180 et 180.1.

Sauf dans le cas prévu à l'alinéa premier du présent article, il ne sera jamais fait restitution au corrupteur des choses par lui livrées, ni de leur valeur. Elles seront confisquées au profit du Trésor ».

**Article 30.-** Les dispositions de l'article 181 du Code pénal malagasy sont modifiées et complétées comme suit :

« Art. 181- Des circonstances aggravantes

Hormis les cas prévus aux articles 180.2 et 183.1, aucune circonstance atténuante ne peut être retenue en faveur des individus reconnus coupables comme auteurs, co-auteurs ou complices des infractions de corruption ou assimilées prévues aux articles 196 à 183.3, 373.1, 374 et 375 du Code pénal Malagasy, article 50 de la présente loi ainsi que les articles 931 et 942 de la loi n° 2003-036 du 30 janvier 2004 sur les sociétés commerciales.

La faculté accordée aux juges par les articles 569 et suivants du code de procédure pénale d'ordonner qu'il sera sursis à l'exécution des peines d'emprisonnement ou d'amende est supprimée à l'égard des individus reconnus coupables des infractions de corruption ou assimilées. »

**Article 31.-** Il est inséré après l'article 182 du Code pénal malagasy quatre alinéas ainsi rédigés :

« Art. 182- Du conflit d'intérêt

Un conflit d'intérêt survient lorsque les intérêts privés d'un agent public

andininy 179, izay alohan'ny fanenjehana rehetra, ka manondro izany fandikan-dalàna izany amin'ny manam-pahefana ara-panjakana na arapitsarana ary ahafahana mamantatra ny olona hafa voakasika izany.

Ankoatry ny voalaza ao amin'ny andalana etsy ambony, ny sazy lehibe indrindra mihatra amin'ny olona rehetra, tompon'antoka na mpiray tsikombakomba amin'ny iray amin'ny fandikan-dalàna voalazan'ny andininy 177 ka hatramin'ny 179 sy 181, izay aorian'ny fanaovana ny fanenjehana, ka mamela na manamora ny fisamborana ny olona hafa voarohirohy, dia hahena hatramin'ny antsasany.

Ankoatr'izany, izy dia tsy tratran'ny famenon-tsazy sy fanampi-tsazy voalazan'ny andininy 180 sy 180.1.

Ankoatry ny voalaza ao amin'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity, dia tsy averina amin'ny mpanakoly mihitsy ny zavatra nomeny, nany sandany. Giazana izany ho an'ny tahirim-bolam-panjakana».

**And. 30.-** Ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy 181 ny fehezan-dalàna famaizana malagasy dia miova nampiana toy izao :

« And. 181- Ny amin'ny toe-javatra manavesatra heloka

Ankoatry ny voalaza ao amin'ny andininy 180.2 sy 183.1, tsy misy toe-javatra manamaivana azo raisina ho tombon-tsoan'ny olona voatondro ho meloka ka sokajiana ho tompon'antoka, mpiombon'antoka, na mpiray tsikombakomba amin'ny kolikoly na izay mitovitovy aminy izay voafaritry ny andininy 196 ka hatramin'ny 183.3, 373.1, 374 ary 375 du fehezan-dalàna famaizana, ny andininy faha-50 ity lalàna ity ary koa ireo andininy 931 et 942 ny lalàna laharana 2003-036 tamin'ny 30 january 2004 mikasika ny fikambanam-barotra.

Ny fahafahana omena ny mpitsara ao amin'ny andininy 569 sy manaraka ny fehezan-dalàna paika ady heloka mandidy fa ahantona ny fampiharana ny sazy an-tranomaizina na ny onitra dia foana eo anatrehan'ny olona fantatra fa meloka tamin'ny fandikan-dalana ny kolikoly na ny mitovy amin'izany. »

**And. 31.-** Atsofoka aorian'ny andininy 182 ny fehezan-dalàna famaizana Malagasy, ny andalana efatra izay mirafitra toy izao :

« And. 182-Ny momba ny fiadiana tombon-tsoa

Mampisy fiadiana tombo-tsoa ny fifanoheran'ny tombo-tsoa manokan'ny

ou de toute autorité publique coïncident avec l'intérêt public et sont susceptibles d'influencer l'exercice des devoirs officiels.

Tout conflit d'intérêt doit être immédiatement déclaré auprès de l'autorité hiérarchique. Le non-respect de cette obligation sera passible d'un emprisonnement de 6 mois à deux ans et d'une amende de 1 million à 50 millions Ariary ou de l'une de ces deux peines seulement.

Sera puni des mêmes peines, toute personne ayant pris connaissance d'un conflit d'intérêts l'impliquant dans le cadre d'une procédure ou d'une transaction et qui ne s'abstient pas de participer sous une forme quelconque à la prise de décision relative à cette procédure ou cette transaction.

Tout agent public, élu ou personne chargée d'une mission de service public ayant pris connaissance d'un conflit d'intérêts concernant son subordonné doit l'écarter de toute administration ou de toute prise de décision dans le cadre d'une procédure ou d'une transaction dans laquelle il y a un conflit d'intérêts. L'omission de cette obligation sera puni des mêmes peines telles que prévues dans le présent article.

Quiconque, ayant en connaissance de cause, bénéficié d'un avantage quelconque résultant de la commission des infractions prévues au présent article, ou en aura été l'instigateur sera puni des mêmes peines.

Sera condamné à la suspension temporaire de toute activité sociale et commerciale d'au moins 5 ans et n'excédant pas 20 ans, ainsi que d'une peine d'amende de 5 à 200 millions d'Ariary, sans préjudice de l'application des dispositions de l'article 181.1 alinéa 4, toute personne morale reconnue comme auteur, co-auteur, instigateur, complice, intermédiaire ou bénéficiaire sous une forme quelconque des avantages issus des infractions visées et réprimées dans le présent article. »

**Article 32.-** Il est inséré après l'article 183 du Code pénal malagasy, un nouvel alinéa ainsi rédigé :

« Art.183- Des cadeaux

mpiasam-panjakana na izay manana fahefam-panjakana sy ny tombo-tsoa ny daholo be ary mety hanohitohina ny fanantanterahana ny andraikitra. Ny fiadiana tombo-tsoa rehetra dia tokony ambara eo anivon'ny ambaratonga-pahefana. Ny tsy fanajana izany didy izany dia mahavoasazy enimbolana ka hatramin'ny 2 taona an-trano maizina miampy lamandy 1 tapitrisa ariary ka hatramin'ny 50 tapitrisa ariary na ny iray amin'ireo sazy roa ireo.

Hosazina toy izany koa, ny olona rehetra nahafantatra ny fisian'ny ady tombo-tsoa ka nanao fifanakalozana tao anatin'izany raharaha izany, kanefa tsy mijanona mandray anjara tamin'izany fifanakalozana izany.

Ny mpiasam-panjakana rehetra voafidy na ny olona miandraikitra ny fandrindrana ny asam-panjakana nahafantatra ny fisian'ny fiadiana tombo-tsoa teo amin'ny olona ambany fahefana dia tokony handray fepetra ny amin'ny fanesorana ireo farany amin'ny asa rehetra na amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra na eo amin'ny raharaha-barotra izay hisehoan'ny ady tombo-tsoa. Ny tsy fanatanterahana an'io fepetra io dia mahavoasazy amin'ny sazy mitovy voalaza teo aloha.

Na iza na iza mahafantatra tsara ka nahazo tombo-tsoa tamin'ny fandikan-dalàna voalaza ato amin'ity lalàna ity na koa tompon-kevitra tamin'izany fandikan-dalàna izany dia ho saziana mitovy amin'ny sazy teo aloha.

Ho saziana amin'ny fampiantona mandritra ny fotoana voafetra amin'ny asa ara-tsosialy sy ara-barotra rehetra farafahakeliny 5 taona ary tsy mihoatra ny 20 taona miampy lamandy 5 tapitrisa ka hatramin'ny 200 tapitrisa ariary, izay tsy manohintohina ny fampiharana izay voalazan'ny andininy 181.1 andalana 4 ny fehezan-dalàna famaizana, ny fikambanana mizaka ny zo maha-olona voatondro fa meloka ka sokajiana ho tompon'antoka, ati-doha mikotrika, mpiray tsikombakomba, mpanelanelana na nahazo tombo-tsoa tamin'ny endriny rehetra tamin'ny fandikan-dalàna voalaza sy voasazy eto amin'ity lahatsoratra ity. »

**And. 32.-** Notovanana ao aorinan'ny andininy faha 183 n'ny fehezan-dalàna famaizana Malagasy ny andininy vaovao:

« And.183 – Ireo fanomezana

Sera puni d'un emprisonnement de 6 mois à deux ans et d'une amende de 10 millions à 200 millions Ariary ou de l'une de ces deux peines seulement, le fait par un agent public ou toute autorité publique d'accepter d'une personne un cadeau ou tout avantage indu et de nature à avoir influencé ou d'influencer l'agent public dans le traitement d'une procédure ou d'une transaction liée à ses fonctions.

Le donneur sera puni des mêmes peines.

Sera condamné à la suspension temporaire de toute activité sociale et commerciale d'au moins 3 ans et n'excédant pas 6 ans ainsi qu'au paiement du quintuple du montant de la peine d'amende prévue pour la personne physique ou l'une de ses deux peines seulement, sans préjudice de l'application de la peine prévue par l'article 181.1 alinéa 4, toute personne morale reconnue comme co-auteur, instigateur, complice, intermédiaire ou bénéficiaire sous une forme quelconque des avantages issus des agissements visés et réprimés dans le présent article. »

**Article 33.-** Les dispositions de l'article 183.1 du Code pénal malagasy sont modifiées et complétées comme suit :

« Art. 183.1- De l'enrichissement illicite

Sera punie d'un emprisonnement de 6 mois à 5 ans et d'une amende de 10 millions d'Ariary à 200 millions Ariary, toute personne dépositaire de l'autorité publique ou chargée d'une mission de service public, toute personne investie d'un mandat public électif, tout dirigeant, mandataire ou salarié d'entreprise publique qui ne peut raisonnablement justifier une augmentation substantielle de son patrimoine par rapport à ses revenus légitimes.

Sera punie des mêmes peines toute personne qui aura sciémmet détenu des biens et ressources illicites provenant des personnes ci-dessus visées.

Les personnes morales reconnues coupables de détention des biens et ressources illicites, d'intermédiaire, ou de bénéficiaire sous une

Ho saziana an-tranomaizina enim-bolana ka hatramin'ny roa taona sy lamandy 10 tapitrisa ka hatramin'ny 200 tapitrisa ariary na iray amin'ireo sazy roa ireo, ny faneken'ny mpiasam-panjakana na manam-pahefana iray fanomezana na tombotsoa tsy tokony ho azo ka miatraika na mety hiatraika aminy eo amin'ny fanatontosana ny asany.

Hosaziana mitovy amin'izany ihany koa izay mpanolotra.

Hosaziana amin'ny fampiatoana amin'ny asa ara-tsosialy sy ara-barotra rehetra mandritra ny fotoana voafetra farafaha-keliny 3 taona ary tsy mihoatra ny 6 taona miampy onitra avo dimy heny tamin'ny onitra voatondro efain'ny olona nanao izany na ny iray amin'ireo ihany, izay tsy manohintohina ny fampiharana izay voalazan'ny andininy 181.1 andalana 4 ny fehezan-dalàna famaizana, ny fikambanana mizaka ny zo maha-olona voatondro ka meloka ka sokajiana ho tompon'antoka, mitarika, mpiray tsikombakomba, mpanelanelana na ireo izay mahazo tombotsoa amin'ny endriny rehetra azo avy amin'ny zavatra voalaza sy voasazy ato amin'ity andininy ity »

**And. 33.-** Ireo fepetra voalazan'ny andininy faha 183.1 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana malagasy dia novaina sy nampiana toy izao manaraka izao :

« And. 183.1 – Ny harena azo amin'ny tsy ara-dalàna

Hosaziana an-tranomaizina enim-bolana ka hatramin'ny 5 taona sy lamandy 10 tapitrisa ariary ka hatramin'ny 200 tapitrisa ariary ireo olona rehetra tompon'andraikim-panjakana na ireo misahana ny asam-panjakana, ireo izay nomena fahefana tamin'ny fifidianana, ireo mpitondra, mpandraharaoha na mpiasa amin'ny orinasam-panjakana ka tsy afaka manamarina mazava sy ara-dalàna ny fitombon'ny fananany mihoatra amin'ny fidiram-bolany ara-dalàna.

Hosaziana mitovy amin'izany ireo olona rehetra minia mitazona entana na loharanon-karena tsy ara-dalàna avy amin'ireo olona voatonona etsy ambony.

Ny fikambanana mizaka ny zo maha-olona voatondro fa tompon'antoka tamin'ny fitazonana entana na loharano-karena tsy ara-dalàna, tamin'ny

forme quelconque seront condamnées à la suspension de l'exercice de toute activité sociale et commerciale d'une durée d'au moins 5 ans et n'excédant pas 20 ans ainsi que de payer le quintuple du montant des amendes prévues pour la personne physique ou l'une de ces deux peines seulement, sans préjudice de l'application des dispositions prévues par l'article 181.1 alinéa 4 du Code pénal.

Quiconque ayant été bénéficiaire en connaissance de cause d'un avantage quelconque résultant de la commission de l'infraction prévue et réprimée par le présent article se verra appliquer les mêmes peines.

L'enrichissement illicite constitue une infraction continue caractérisée par la détention du patrimoine ou l'emploi des ressources illicites. Les preuves de l'origine licite de l'enrichissement ou des ressources pourront être rapportées par tous moyens.

Toutefois, sera exemptée de toute poursuite sur le fondement du présent article la personne qui, avant ouverture d'une information ou citation directe aura révélé les faits aux autorités administratives ou judiciaires et permis l'identification et la condamnation de l'auteur principal.

La décision de condamnation pourra en outre prononcer la confiscation au profit de l'Etat, des collectivités publiques, des organismes publics et parapublics de tout ou partie des biens du condamné jusqu'à concurrence du préjudice subi ».

**Article 34.-** Les dispositions de l'article 183.2 du Code pénal malagasy sont modifiées et complétées comme suit :

« Art. 183.2- Du défaut de déclaration de patrimoine

Sera punie d'un emprisonnement de 6 mois à 5 ans et d'une amende de 50 millions d'Ariary à 200 millions Ariary, toute personne assujettie à une déclaration de patrimoine qui, deux mois après un rappel dument envoyé par le Bianco à la personne assujettie, sciemment, n'aura pas fait de déclaration de son patrimoine ou aura fait une déclaration incomplète, inexacte ou fausse, ou formulé de fausses observations, ou qui aura

fanelanelanana na amin'ny fahazoana tombotsoa amin'ny endriny rehetra dia ho heloina amin'ny fampihantoana amin'ny fanantanterahana ny asa ara-tsosialy sy ara-barotra rehetra mandritra ny 5 taona farafaha-keliny ary tsy mihoaatra ny 20 taona miampy lamandy avo dimy heny noho ny lamandy voafaritra ho an'ny olon-tsotra na ny iray amin'ireo ihany izay tsy manohintohina ny fampiharana izay voalazan'ny andininy 181.1 andalana 4 ny fehezan-dalàna famaizana.

N'iza n'iza nahazo tombo-tsoa tamin'ny fandikan-dalàna voalaza sy voasazy ato amin'ity andininy ity ka mahafantatra ny fihavian'izany tombotsoa izany dia hiharan'ny sazy mitovy amin'izany ihany koa.

Ny fanangonan-karena tsy ara-drariny dia fandikan-dalàna mitohy marihina amin'ny alalan'ny fihazonana ny lova, na amin'ny fampiasana ny loharanon-karena tsy ara-dalàna.

Ny porofo amin'ny fihaviana ara-dalàna ny fananan-karena sy ny loharanon-karena dia azo atao amin'ny fomba rehetra.

Na izany aza, afa-miala amin'ny fanenjehana miorina amin'ity andininy ity ny olona izay, alohan'ny hanokafana ny fanadihadiana lalina na fiantsoana mivantana ka manomboraka ny zava-misy amin'ny manam-pahefana ara-panjakana na ara-pitsarana ary mitarikaamin'ny fampahafatarana sy fanamelohana ilay tompon'andraikitra voalohany.

Ny didy fanamelohana dia mety afaka mandidy ny fanagiazana ho an'ny fanjakana, ny sampan-draharaham-panjakana, ny fikambanana sy fivondronana samy hafa, ny fananana rehetra na ny ampaha-pànanan' ny voaheloka».

**And .34.-** Ny fepetra voalazan'ny andininy faha 183.2 ny fehezan-dalàna famaizana Malagasy dia novaina sy nampiana toy izao:

« And. 183.2 – Ny amin'ny tsy fanaovana fanambarana fananana

Hosaziana enim-bolana ka hatramin'ny 5 taona an-tranomaizina miampy lamandy 50 tapitrisa ka hatramin'ny 200 tapitrisa ariary ny olona rehetra tokony hanao fanambaran-pànanana ka 2 volana tao aorian'ny fampahatsiahivana nataon'ny BIANCO, dia ninia tsy nanao na nanao fanambarana tsy feno, tsy marina, diso, na fanamarihana diso izany fanambaran-pànanana izany na ihany koa ireo ninia nandika ny adidy

déliberément transgressé les obligations qui lui sont imposées par la loi et ses textes d'application.

Sera punie d'un emprisonnement de 6 mois à 5 ans et d'une amende de 50 millions Ariary à 200 millions Ariary, toute personne qui aura divulgué ou publié, de quelque manière que ce soit, tout ou partie des déclarations ou des observations reçues par l'organisme chargé de recevoir les déclarations de patrimoine. »

**Article 35.-** Il est inséré après l'article 373.1 du Code pénal malagasy trois alinéas ainsi rédigés:

« Art. 373.1- De la dénonciation abusive

La dénonciation sur la base de faits inexistant ou ne constituant pas des cas de corruption ou d'infractions assimilées constitue le délit de dénonciation abusive.

Quiconque aura sciemment, par quelque moyen que ce soit, fait une dénonciation abusive sera puni d'un emprisonnement de six mois à 5 ans et d'une amende de 1 million à 10 millions Ariary. La peine d'emprisonnement pourra être portée au double.

Le Tribunal pourra en outre ordonner l'insertion du jugement, intégralement ou par extrait, dans un ou plusieurs journaux, et aux frais du condamné ».

Sera condamné à la suspension temporaire de toute activité sociale et commerciale d'au moins 3 ans et n'excédant pas 6 ans toute personne morale reconnue comme co-auteur, instigateur, complice, intermédiaire ou bénéficiaire sous une forme quelconque des avantages issus des agissements visés et réprimés dans le présent article.

Les personnes morales reconnues coupables au titre d'auteurs, de co-auteurs, de complices, d'intermédiaires ou de bénéficiaires sous une forme quelconque seront punies du quintuple du montant de l'amende prévue pour la personne physique auteur des infractions prévues au présent article outre l'application des peines prévues à l'article 181.1 alinéa 4 du Code pénal sur la dissolution.

aman'andraikitra napetraky ny lalàna sy ny didy fampiharana.

Hosaziana enim-bolana ka hatramin'ny 5 taona an-tranomaizina miampy lamandy 50 tapitrisa ariary ka hatramin'ny 200 tapitrisa ariary, ny olona rehetra mampahafantatra na mamoaka amin'ny fomba rehetra, manontolona amin'ny ampahany ny fanambarana na fanamarinana voarain'ny tompon'andraikitra voatokana handray izany fanambaram-pananana izany. »

**And .- 35** – Natsofoka ao amin'ny aorian'ny andininy faha 373.1 ny fehezan-dalàna ny heloka be vava malagasy ireto andininy telo manaraka ireto:

« And. 373.1 – Ny amin'ny fiampangana tsy mitombina

Ny fiampangana mifototra amin'ny zavatra tsy misy na tsy mahafeno ny trangana kolikoly na mitovy amin'izany dia midika ho fiampangana tsy mitombona.

N'iza na iza minia, na amin'ny fomba manao ahoana na amin'ny fomba manao ahoana, manao fiampangana tsy mitombina dia hosaziana enim-bolana ka hatramin'ny 5 taona an-tranomaizina. Io sazy io dia mety ho lasa avo roa heny.

Ny fitsarana dia mety handidy ny amin'ny hamoahana amin'ny ampahany na manontolo ny didi-pitsarana ao amin'ny gazety iray na maromaro ka ny saran'izany dia alohan'ny voaheloka ».

Hoheloina amin'ny fampiantona mandritra ny fotoana voafetra amin'ny asa ara-tsosialy sy ara-barotra rehetra, farafaha-keliny 3 taona ary tsy mihoatra ny 6 taona ny fikambanana mizaka ny zo maha-olona rehetra fantatra fa tompon'antoka, nampirisika, mpiray tsikombakomba, mpanelanelana na ireo izay nahazo tombo-tsoa amin'ny endriny rehetra, tamin'ny fandikan-dalàna voalaza sy voasazy ato amin'ity lahatsoratra ity.

Ny fikambanana mizaka ny zo maha-olona fantatra fa tompon'antoka, miara tompon'antoka, mpiray tsikombakomba, mpanelanelana na mahazo tombo-tsoa amin'ny endriny rehetra dia hosazianaavo dimy heny noho ny lamandy voafaritra ho an'ny olon-tsotra araka izay voalazan'ity

Quiconque ayant été bénéficiaire en connaissance de cause d'un avantage quelconque résultant de la commission de l'infraction prévue et réprimée par le présent article se verra appliquer les mêmes peines. »

**Article 36.-** Il est inséré, après l'article 373.1 du Code pénal malagasy deux nouveaux articles numérotés 374 et 375 ainsi rédigés :

« Art. 374- Des représailles contre des témoins, dénonciateurs, experts et agents publics en charge de l'application de la loi sur la lutte contre la corruption

Est qualifié représailles tout acte commis à l'encontre de toute personne, dénonciateurs, témoins , experts ou agent public en charge de l'application de la loi sur la lutte contre la corruption, en rapport avec l'accomplissement de leur mission ou de leur rôle tel que cité ci-dessus, dans le cadre d'une procédure d'enquête et de poursuite en cours ou ayant déjà fait l'objet de décision de justice portant sur une infraction de corruption ou assimilée. Quiconque se sera rendu coupable de ces actes sera puni d'une peine d'emprisonnement de 5 à dix ans, sans préjudice de l'application de peines plus graves dans le cas de la commission d'un acte qualifié crime. Les mêmes peines seront applicables aux complices, instigateurs et tiers bénéficiaires sous une forme quelconque.

La personne morale qui se sera rendue coupable des mêmes infractions sera condamnée à une suspension de toute activité sociale et commerciale d'au moins 5 ans et n'excédant pas 20 ans pour le cas d'un délit et de la dissolution définitive dans le cas de crime. »

« Art. 375 – De la révélation de l'identité un témoin anonyme

Un témoin peut bénéficier du statut du témoin sous anonymat suite à une appréciation souveraine du juge saisi de la procédure.

andininy ity ankoatra ny fampiharana ny sazy voalaza ao amin'ny andininy 181.1 andalana 4 ny fehezan-dalàna famaizana mikasika ny fampihatoana tanteraka.

Na iza na iza nahazo tombo-tsoa tamin'ny alalan'ny fandikan-dalàna voalaza sy voasazy ato amin'ity lalàna ity ka nahalala ny fihavian'izany dia hiharan'ny sazy mitovy amin'izany ihany koa. »

**And 36.** - Nampidirina ao aorian'ny andininy faha 373.1 ny fehezan-dalàna famaizana Malagasy ireto andininy roa vaovao manaraka ireto, and 374 sy 375 izay mivaky toy izao :

« And. 374 – Ireo valifaty manohitra ny vavolombelona, mpitory, manam-pahaizana sy manam-pahefana izay mampihatra ny lalàna amin'ny ady amin'ny kolikoly.

Heverina ho toy ny valifaty ny hetsika rehetra manohitra ny mpitory, vavolombelona, manam-pahaizana na manam-pahefana amin'ny fampiarana ny lalàna amin'ny ady amin'ny kolikoly, mifandray amin'ny fanantanterahiny ny asa sahaniny voatanisa etsy ambony, ny asa fanadihadiana sy fanenjehana mitohy na efa voatsara momba ny kolikoly na fandikan-dalàna mitovy amin'izany. Na iza na iza meloka noho ny asa toy izany dia hoheloina an-tranomazina 5 ka hatramin'ny 10 taona, ireo anefa dia tsy manafoana ny fampiharana ny sazy enjana kokoa amin'ny fanantanterahana heloka be vava. Toy izany ihany koa no sazy mihatra amin'ny mpiray tsikombakomba, ny mpampirisika, sy ireo rehetra nahazo tombo-tsoa tamin'izany tamin'ny fomba rehetra.

Ny fikambanana mizaka ny zo maha-olona voaheloka noho ireo fahadisoana ireo dia hosaziana amin'ny alalan'ny fampihatoana amin'ny asa ara-tsosialy sy ara-barotra rehetra farafahakeliny 5 taona ary tsy mihoatra ny 20 taona ho an'ireo manao heloka tsotra ary amin'ny fampihatoana tanteraka ho an'ny heloka be vava»

« And. 375 – Ny amin'ny famoahana ny mombamomba ny vavolombelona tsy nitonona anarana

Ny vavolombelona dia mety hahazo ny tombony voafaritra ho an'ny vavolombelona tsy mitonona anarana rehefa nahazo izany tamin'ny mpitsara.

En aucune circonstance, l'identité ou l'adresse d'un témoin sous anonymat tel que prévu par l'art 385.6 du code de procédure pénale malagasy ne peut être révélée.

La révélation de l'identité ou de l'adresse d'un témoin ayant bénéficié des dispositions de l'article 184.4 est punie d'un emprisonnement de six mois à deux ans d'emprisonnement et d'une amende de trois millions (Ar 3.000.000) à dix millions (Ar. 10.000.000) d'Ariary. »

### **Article 37.- De l'abus de biens sociaux**

Sont considérées comme infractions assimilées à la corruption les faits visés par les dispositions de l'art 931 et 942 de la Loi n°2003-036 du 30 janvier 2004 sur les sociétés commerciales.

## **CHAPITRE V DES EFFETS DES INFRACTIONS DE CORRUPTION**

**Article 38.-** Les revenus et biens illicites provenant de la corruption peuvent être saisis, gelés ou confisqués par décision rendue par une juridiction répressive.

**Article 39.-** Tout contrat, licence, permis ou autorisation induit par la corruption est de plein droit nul et de nul effet.

Toute entreprise titulaire d'un contrat, licence, permis ou autorisation obtenue par la corruption sera privée du droit de participer dans les marchés publics dans un délai d'au moins 5 ans.

La récidive ainsi que toute fraude aux fins de rompre cette interdiction entraîne une interdiction définitive de concourir et d'exercer dans tout marché public ou de transferts contractuels de gestion des services publics.

Na noho ny antony ahoana, dia tsy azo hambara ny mombamomba na ny toerana hipetrahan'ny vavolombelona tsy nitonona anarana araka ny voalazan'ny andininy 385.6 du fehezan-dalàna famaizana.

Ny fanambarana ny mombamomba ny vavolombelona voaharon'ny lalàna ao amin'ny andininy 184.4 dia mahavoasazy enim-bolana ka hatramin'ny 2 taona an-tranomaizina miampy lamandy telo tapitrisa ariary (Ar 1.000.000) ka hatramin'ny 10 tapitrisa ariary (Ar 10.000.000). »

**And .37.-** Ny amin'ny fanararaotana ny fananana iombonana

Heverina ho fandikan-dalàna mitovy amin'ny kolikoly ireo fepetra voalazan'ny andininy faha 931 sy 942 ao amin'ny lalàna n° 2003-036 tamin'ny 30 january 2004 momba ny fikambanam-barotra.

**TOKO FAHA V  
NY VOKATRY NY FANDIKAN-DALANA MIKASIKA NY KOLIKOLY**

